

HO FIALANA AMIN'NY FITANGORONANA

Nesorina ny jiro amin'ny fety nandravaka ny kaominina Alasora

Miavaka ny kaomina Alasora Avaradra- no amin'ny jiro sy haingo, noho ny fahaton- gavan'ny fetin'ny Kris- masy sy ny taona vaovao. Maro ny olona voasarika haka sary sy hitsangats- sangana amin'ireny toe- rana mampirapiratra ireny. Tato ho ato anefa, miron- gatra sy mitombo izay tsy izy ny voan'ny valanare- tina CORONAVIRUS eto Madagasikara dia voatery nanapa-kevitra ny fiadi- diana ny Tanàna ao amin'



Ny fanesorana ireo jiro amin'ny fety tao Alasora.

ny kaominina Alasora tari- han'ny ben'ny Tanàna Jimmy Randriantsoa, fa hanala ireo haingo man- dravaka ny kaominina, mba tsy hampitangorona ny mponina ao an-toe- rana. Nanambara ity fa- rany fa zava-dehibe ny aina, ka mila sorohana

izay rehetra mety ham- pisy ny fifampiasohana. Miantso ny mponina ao Alasora sy manerana an'i Madagasikara ny ben'ny Tanàna Jimmy Randriant- soa, mba hanao vaksiny, fa io no fanefitra haingana hita aloha hisorohana ny fiparitahan'ny valanare- tina. Nirary soa ihany koa izy, mba ho taona vaovao, ao anaty fahasalamana sy fahombiazana ho an' ny vahoaka Malagasy ny taona 2022.

Helisoa

Hifarana ny taona

Saika tsy milamina avokoa ny sehatra rehetra eto amin'ny firenena

Hifarana ny taona ity, ary farany vao mainka miha- mafy sy miharatsy aza ny fiainam-bahoaka. Tsy mi- lamina avokoa ny saika sehatra rehetra mihitsy amin'ny fiainam-pirenena: na ara-politika, na ara- toekarena, ary indrindra ny ara-tsosialy. Mba na- makivaky ny 365 andro ihany, fa azo lazaina ho niala- maina ny vahoaka Malagasy. Tsy hita ma- zava izay politika nataon' ny fitondrana Rajo- elina nanarenana ny fiainam- bahoaka. Ny fiaina-ny ta- min'ny taona 2020 ihany no fiainany tamin'ity taona ity. Tsy nisy fiovana azo tsapany-tanana nasehon' ny mpitondra, fa ny fomba fifasany tany am-piando- hana ihany no mbola hita ankehitriny. Tsy ni- sy fiezahana matotra hifa- natona amin'ny vahoaka, fa zary kabary politika mampanandry adri- sa no natao ireo olona izay nanao hihaona aminy teny ankalamanjana na kianja. Avy eo "mirava samy ma- rina", fa ny "noterena an- kolaka", hanatrika azy, tonga mba hihoraka sy hi- tehaka fotsiny; izy nanao



izay fampanantenana vô- laña an-tenda mba ham- patoritoriana hanatera- ko hena" ireo nantsoina, nahavita ny asany natao isehosehoa-na mba iha- zonana seza. Dia mija- nona tsy misy tohiny intsony iny avy eo, ary tsy misy akony ihany koa amin'ny vahoaka sisa ive- lan'izany. Toy izay hatrany no nitranga tamin'ity ta- na ity. Niaraha-nahita tsara iha- ny koa ny politika nataon' izao fitondrana Rajoelina izao amin'ny fametrahana "vato" isarangotana, ha- hafahana mifahatra eo amin'ny fitondrana. Ny kentrina no tsy hahataka-

tra ny politikany ao ana- tin'izany. Ary matoa manao izany izy sy ny ekipany, dia tsy matoky tena mi- hitsy amin'ny zavatra vi- tany teto amin'ny firenena sy ny vahoaka Malagasy tao anatin'izay telo taona izay. Ary raha ity taona 2021 ity no banjinina, dia raha ho an'ny mpampia- natra mpanome naoty dia mbola tsy mahazo sa- lan'isa na "moyenne" ny naoty azon'izao fiton- drana izao. Mbola latsaka lavitra hatrany aza ny isa azony. Mbola mila ezaka, ny soratany eo amin'ny fanamarihana amin'ny "bulletin". Ary telo taona tsy misy fivoarana ny

mpianatra iray ao amin'ny kilasy iray, efa "triplant", dia mazava loatra, mive- rina any amin'ny fianaka- viana "remise à sa famille" no sahaza azy sy fepetra raisin'ny sekoly. Fa eto: fi- tondrana, fitantanam-pire- nena no resahana, hanantena inona amin'izao fitondrana izao ny vaho- aka Malagasy? Amin'izao faran'ny taona izao, inona no hantenain'ny vahoaka Malagasy amin'ny kaba- riny? Kabary tsara lahatra izay efa iaraha-mahalala. Tsy efa nisy indroa izay no nataony, fa nampiova inona tamin'ny fiainan'ny sarambagem-bahoaka moa? Ny fiainam-baho- aka mirotoroto lava isan' andro miatrik'olona maro samihafa amin'ny fitadia- vana mba ho velona. Avy eo koa mbola darohana amin'ny lakrimôzena in- dray izy, mba hiforitra tsy ho afa-miteny mamoaka ny ao am-pony amin'ny manjo azy. Ho an'ny mpandinika sy mpamakafaka anefa, mbola ho volan-kankafot- ra ny taona 2022 ho an'ny fiainam-bahoaka.

Sôh'son

Kaominina Talatamaty

Olona 2000 mahery nahazo vatsy sy solombodiakoho noho ny fety

Olona miisa 2000 mahery, nahazo vatsy sy solombo- diakoho, avy amin'ny kao- minina Talatamaty distri- kan'Ambohidratrimo, noho ny fetin'ny Noely sy ny fetin'ny faran'ny taona hiandrasana ny taona vaovao. Fiadidy ny tao ani- von'ny fiadidiana ity ta- nàna ity, notarihan'ny ben' ny tanàna Raharinoasy Elie Dominique, no nizara izany fanampiana sy fa- nomezana ho an'ny mpo- nina izany. Nandritra iza- ny, no nanaovany jery to- dika ny asa vitan'ny kao- minina, nandritra ity taona 2021 ity. Nisy ny tsy vita tamin'ireo vina napetraka hoy izy, fa maro koa ny zava-bita tamin'ity taona ity. Teo ny lalana vita rari- vato miisa roa ao amin'ny fokontany Amborompotsy

mirefy 500 m, sy ny ao amin'ny fokontany Fara- laza mirefy 350 m. Eo amin'ny lafiny fandriam- pahalemana sy fanaza- vana ny tanàna, jiro man- deha amin'ny masoandro miisa 250 no voapetraka amin'ireo fokontany man- drafitra ny kaominina Ta- latamaty tamin'ity taona ity. Teo amin'ny lafiny fa- hasalamana, navaozina sy nohatsarina ny CSB II Talatamaty amin'ny maha- tompon'andraikitra ny fia- didiana ny tanàna, amin' ireny foto-drafitrasa ara- pahasalamana ireny, sy noho ny fisian'ny valana- retina amin'izao fotoana. Teo amin'ny lafiny fampia- narana hoy ny ben'ny ta- nàna Raharinoasy Elie Dominique, EPP miisa roa no vita ny fanavao-

zana azy dia ny EPP ao Tanjondava sy ao Mamo- ry. Manana olona amin'ny resaka rano koa i Talata- maty, fokontany roa no tena vokatasy izany dia Amborompotsy sy Ambo- hinambo, efa nampitaina amin'ny tompon'andraiki- try ny orinasa Jirama ny fampidirana rano amin' ireo fokontany ireo hoy izy, miandry ny tohiny ny rehetra. Na azo lazaina ho sahirana aza ny rehe- tra tamin'ity taona ity, na- hatratra 60% ny fampi- diran-ketra tao amin'ny kaominina Talatamaty nandritra ny herintaona. Izany no nahafahana nanao ireo foto-drafitrasa, niampy ny fanampiana avy amin'ireo malala- tanana, sy ny avy amin'ny tetibolan'ny kaominina

madiodio. Noho ny fet- in'ny faran'ny taona sy ny taona vaovao izao, mana- тона ny vahoaka hatrany ny kaominina hoy ny ben'ny tanàna, noho izay antony izay, olona sahi- rana miisa 1400 no noto- lorana vatsy ary zokiolona miisa 600 no nomena so- lombodiakoho. Hiezaka hanohy ny asa sy hana- tanteraka ny mbola tsy vita ny kaominina amin'ny taona ho avy 2022. An- koatra izany, ny ben'ny ta- nàna Raharinoasy Elie Dominique sy ny kaomi- nina Talatamaty dia mi- rary taombaovao samba- tra ho an'ny vahoakan'i Talatamaty sy ny vahoaka Malagasy rehetra tsy an- kanavaka.

Isambilo

Ny Valosoa sy fakafaka

Nomen'ny mpitondra kadoa ratsy ny vahoaka

Ratsy ny kadoa nomen'ny fitondrana ny vahoaka ta- min'ny faran'ny herinandro iny niatrika ny fetin'ny krismasy. Rehefa tapaka ny jiro dia ratsy izay ny fety n'inona n'inona ambaran'ny fitondrana. Tsy misy faly amin'ny fahatapanan-jiro lava, indrindra ao anaty fo- toanan'ny fety. Hasorenana ny an'ny maro, ary ny fitondrana Rajoelina avy hatrany no itodihan'ny sain'ny maro amin'izany. Tsy misy azony ialàna ra- hateo izany, noho ny vava nataony nanome toky tany amin'ny fotoanan'ny fampielezan-kevitra, sy tany am-piandohan'ny fitondran'ny, fa voavahany io olona amin'ny delestazy io izay nanakianany mafy ny an-dRajaonarimampianina. Nanabahany ihany koa io ny filoha teo aloha tamin'ny fotoanan'ny "face à face" tamin'ny fampielezan-kevitra, fa izy Rajoelina, no mahafantatra ny filàna rianaratra eto amin' ny firenena sy ny vahaolana amin'ny delestazy. Telo taona nitondrana anefa izao Rajoelina, iarahan'ny rehetra mahita sy miaina tsara, fa tsy voavahany ny olona, ary izy no tena tsy mahavao indrindra raha efa nanana fe-potoana lava niomanana ny amin' izany.

Ny tena manahirana ny sain'ny olom-pirenena maro, dia mbola namoizana ain'olona indray ny fahatapa- han'ny rianaratra. Niaraha-nahita ny filazana izany tamin'ny haino aman-jery. Dia iniana ikimpian'ny fi- tondrana fotsiny izao ve izany, toy ny nataony tamin'ny tranga mitovy amin'izany tamin'ny taon- dasa teny amin'ny fandraisana marary teny Maha- masina. Lasa mandeha mihitsy ny sain'ny maro irona, fa misy aina avakavahana tsy omena lanja ve eto amin'ity firenena ity? Satria azo inoana marima- rina, fa raha ny fianakavian'ireo olona eo amin'ny fi- tondrana na manam-pahefana no tratran'izany, sanatriavina, dia tsy ho vita mora. Niaraha-nandre tsara ny fihetsiky ny SEG teo aloha efa misotro ro- nono ankehitriny, sy ny vava nataony tamin'ny fi- siana zandary maty tany amin'ny faritra tany, taona vitsivitsy lasa izay, fa tsy maintsy hataony haza- lambo ireo namono. Fa rehefa amin'ny saramba- bem-bahoaka no misy toy izany dia atao toy ny raharaha fanao andavanandro ihany. Iaraha-mahita eo, izay ho fihetsik'i Andry Rajoelina sy ny gouverne- manta momba izao jiro tapaka namoizina ain'olona marary izao indray. Ho hita eo raha atao toy ny natao ireo mpianatra tany Toamasina sy Toliara namoy ny ainy tamin'ny hetsika nataony, izay nam- bara fa hisy fanadihadiana atao kanefa hatra- min'izao tsy hita izay tohiny na niafaràn'ny. Sanatria ve dia hisaina indray ny olom-pirenena hoe, tsy azy tsinona no voa dia arirarira eo ny fandehanan'ny ra- haraha?

Ny olona manavakavaka na tsy mahafehy vahoaka tantanina, dia tsy natao ho mpitondra velively eto amin'ity Nosy ity. Ny mendrika mpitondra eto amin'ity firenena ity dia mitsinjo ny Malagasy tsirai- ray, ny vahoaka rehetra manerana ny Nosy. Fa raha mbola ny politika sy antokony no mibaiko azy sy fi- katsahany ny tombontsoany manokana mbamin'ny fiarovany ny sezany, dia hoy ny fitenin'ny mpahay tantara hoe "accident de l'histoire" izany, ary kisen- drasendra no nahatonga azy eo amin'ny fitondrana.

Sôh'son